**Fanehoan-kevitra - 12 Oktobra 2021**

## Madagasikara – Vondrona Eoropeana
## Dinika hametrahana Fiaraha-miasa amin'ny fanjonoana lamatra

## Mitaky fifanarahana ara-drariny sy mangarahara ny Malagasy mba hampaharitra ny asa fanjonoana

**Ny Firaisamonim-pirenena, dia manohy manaitra sy mitaky amin'ny Vondrona Eoropeana sy ny Governemantan'i Madagasikara hampiasa ny fomba rehetra hametrahana sy hanaovana sonia Fifanarahana ara-drariny, mangarahara ary miantoka ny faharetan'ny asa fanjonoana.** Ireto no tadiavin'ny vahoaka malagasy :

- **Vola na tambim-bola azo ara-drariny mifanaraka amin'ny habetsaka sy ny vidin'ny lamatra voajono sy voaangona.** Kely loatra ny tambim-bola teo aloha ka tokony asondrotra mba tsy ho faty antoka ny Malagasy.
- **Mba hitohy ireo ezaka ataon'ny Ministera amin'ny fanatrehana sy fakan-kevitra an'ireo mpiantsehatra rehetra ao amin'ny sehatry ny jono** indrindra ny firaisamonim-pirenena sy ireo mpanjono ara-drazana sy madinika mandritra ny dinika atao. **Mba ho omen-danja ny ny soson-keviny ahafahany miaro ny zony ary mampaharitra ny harena an-dranomasin'ny Malagasy.**
- **Aoka hisy ampahany betsaka amin'ny vola azo amin'ny fifanarahana ho atokana hanatsarana ny sehatry ny jono sy ny toekarena manga** ka ao anatini'zany ny fampiroboroboana ny jono an-dranomamy sy amin'ny farihy.
- **Fametrahana ny mangarahara sy fanaovana tatitra ataon'ny Governemanta amin'ny fampiasana ny vola azo** mba tsy hisian'ny gaboraraka sy fanodikondinana ary mba hisy vokany tsara amin'ny fiainan'ny olompirenena ny tambin'ny fitrandrahana ny hazandranomasina.

**Aoka hihaino ny vahoaka Malagasy ny Vondrona Eoropeana sy ny Governemantan'I Madagasikara. Fifanarahana ara-drariny miantoka ny faharetan'ny harena an-dranomasina no takianay.**

**Aoka ho modely ampiharina amin'ny fifanarahana ara-jono iarahana amin'ny Firenen-kafa ity Fifanarahana ataon'ny Vondrona Eoropeana sy Madagasikara ity.**